

Filazana

Daty: 10 Martsa 2014

Ho an'ireo: Manampahefana Ambony;
Fitopololahin'ny Vondrom-paritra;
ireo Filohan'ny Tsatòka, sy Filohan'ny
Misiôna, ary Filohan'ny Distrika; ireo
Eveka sy Filohan'ny Sampana

NY FIANGONAN' I
JESOA KRISTY
HO AN' NY OLOMASIN' NY
ANDRO FARANY

Avy amin'ny: Departemanta Misahana ny Asa Fitoriana (801-240-3704)

Antony: Fitoliana ny Aretina Tiberikilaozy ho an'ireo Misiônera Handeha
Hody

Areti-mifindra tena ratsy azo avy amin'ny mikrôba ny tiberiklaozy ary mety hanimba ny avokavoka sy ireo taova hafa miantoka ny aina. Tena manan-danja ny hitiliana ny aretina raboka amin'ireo misiônera handeha hody rehetra satria mety efa voan'ilay aretina izy ireo kanefa tsy mbola nisehoana fambara teo no ho eo.

Nampiarahina tamin'ity ny taratasy izay homen'ny filohan'ny misiôna ireo misiônera handeha hody, izay manoro lalana azy ireo hanao fitiliana ny aretina tiberiklaozy fotoana fohy aorian'ny fodian'izy ireo. Azon'ireo filohan'ny misiôna alaina avy ao amin'ny Fidirana ho an'ny Filohan'ny Misiôna (missionary.lds.org/presidents) ny endrika elektronika an'ity taratasy ity, na alain'ireo mpiasa ao amin'ny biraon'ny misiôna amin'ny alalan'ny tranonkala hoe Fahasalaman'ny Misiônera (missionarymedical.org).

Mangataka ireo mpitarika ao amin'ny fisoronana eo an-toerana izahay mba hamporisika ireo misiônera handeha hody hanao fitiliana ny aretina tiberiklaozy rehefa mody izy ireo ary mba haka antoka fa manana ny vola ampy hahafahany mahazo izany fikarakarana izany.

Ry Rahalahy/Rahavavy _____ malala:

Antony: Fitoliana ny Aretina Raboka

Areti-mifindra tena ratsy azo avy amin'ny mikrôba izay mety hanimba ny avokavoka sy ireo taova hafa miantoka ny aina ny aretina tiberiklaozy. Areti-mifindra mahazatra izany ka mahatratra ny ampahatelon'ny mponin'izao tontolo izao no mitondra io otrik'aretina io. Ireo olona voany izay mikohoka dia matetika manaparitaka ny aretina amin'ny hafa.

Ny ankamaroan'ny olona dia voan'ny aretina tiberiklaozy kanefa tsy ahitana fambara eo no ho eo. Izany no antsoina hoe *tiberiklaozy matory*. Ireo izao ahitana tiberiklaozy matory dia manana erijika 10 isan-jato ho voan'ilay aretina any aoriana any.

Mba tsy hisehoan'ireo fambara ratsy kokoa ao aminao noho ny fifampikasohana tamin'ny aretina tiberiklaozy dia *tena zava-dehibe* ny hanaovanao fitiliana ny aretina raboka araka izay hangaina indrindra aorian'ny fodianao. Na manao ahoana na manao ahoana ny vokatry ny fitiliana aretina tiberiklaozy nataonao talohan'ny misiôna (na nahitana aretina izany na tsy nahitana) dia mbola mila manatona mpitsabo ihany ianao na ny departemanta misahana ny fahasalamana any aminao mba hanaovanao fitiliana indray rehefa mody. Mety ho ilaina ihany koa ny fitiliana na fitsaboana fanampiny.

Raha toa ka ahitana aretina tiberiklaozy matory ao aminao dia tokony hanaraka ireo torolalan'ny mpitsabonao ianao na ny departemanta misahana ny fahasalamana eo an-toerana araka ny lamina mifehy ny fahasalamana eo amin'ny firenenao. Misaotra anao mikarakara ny fahasalamanao mba hahafahanao mijanona ho mpanompon'ny Tompo matanjaka sy salama mandritra ny androm-piainanao manontolo.

Amim-pitiavana,

Filohan'ny Misiôna